

n° 55

# Ny Feon'ny

# Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Septambra 2022

## MIARA-MIASA AMIN'IREO MPISEHATRY NY ROJOM-PIHARIANA

**Itasy**

Ahoana no fomba  
iaraha-miasa amin'ny mpisehatry  
ny rojom-pihariana rehetra ? (P. 5)

**Amoron'i Mania**

Halatra trondro  
sy fahafantarana  
ny lalàna (P. 5)



**Matsiatra Ambony**

**Miara-miasa hampandrosoana  
ny seha-pihariana trondro (P. 4)**



Mis en œuvre par  
**giz**



Co-financé par  
l'Union européenne



## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Amin-kafaliana lehibe hatrany no anoloranay ekipan'ny fanoratana ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro » ity laharana vaovao ity. Miompana amin'ny fomba fiasa rojom-pihariana trondro izay enti-manatsara ny asa fampandrosoana ny fiompiana trondro ny lohahevitra amin'ity indray mitoraka ity.

Ny sehatra fanombohan'ny lalam-pihariana trondro, izany hoe ireo asa mifandray amin'ny famokarana zana-trondro sy trondro ataon'ny mpiompy, no nahazatra ny APDRA hatrizay. Tamin'ny taona 2017 izy no nanomboka nijery ireo lafiny hafa mandrafitra ny lalam-pihariana trondro, izany hoe ny famokarana akora ahafahana miompy, sy ny famarotana ary ny fanjifana ihany koa.

Ireo asa izay iarahana amin'ny mpisehatra mivantana rehetra voakasika isan'ambaratongany amin'ny famokarana trondro ireo no mamorona ny fomba fiasa rojom-pihariana. Misy amin'ireo mpisehatra no mifandray mivantana amin'ny vokatry ny fiompiana trondro, tahaka ny mpiompy trondro na ny mpivarotra. Ny mpisehatra sasany kosa manome tohana na tolo-draharaha, toy ny tetikasa, ny vondrona mpampiofana na ny mpamatsy vola, ny rantsa-mangaikan'ny governemanta, sns.

Ny hahitana vahaolana maharitra amin'ireo sakana maro amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro miaraka amin'ireo mpisehatra rehetra eo amin'ny lalam-pihariana trondro no tanjona kendren'ny APDRA amin'ny fampiasana ny fomba fiasa rojom-pihariana trondro.

Isaoranay ny mpiara-miombon'antoka voakasik'ity fomba fiasa ity ary ianareo no mbola antenainay hiaraka hampandroso ny fiompiana trondro !

Mamakia finaritra !

Ny ekipan'ny FMT

## VAOVAO TAPATAPANY

### ALEFA Agroécologie !

Nanomboka ny voalohan'ny volana martsa 2022 ary haharitra 3 taona ny tetikasa ALEFA Agroécologie (Accompagner Les Exploitations Familiales Agricoles vers l'Agroécologie). Ny APDRA pisciculture paysanne no mitarika io tetikasa io, miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka samy hafa : Cœur de Forêt, GSDM sy FIFATA. Ao amin'ny faritra Itasy, Vakinankaratra sy Atsinanana no anatanterahana azy.

Namorona io tetikasa io ny APDRA nohon'ny fahitany fa miha-mianjady amin'ny mpiompy trondro ny vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro : haintany, tondra-drano, fahatotoran'ny tanimbary avy amin'ny antsanga entindriaka, sns. Manampy ny mpiompy trondro amin'ny fikaroham-bahaolana amin'ireo zava-manahirana ireo ny APDRA - toy ny efa asongadin'ny FMT matetika - ka tsapany fa ny fiasana amin'ny sehatra malalaka kokoa fa tsy eo anivon'ny toeram-pamokarana trondro irery ihany no ahafahana manatanteraka izany. Amin'ny fanatanterahana ny tetikasa ALEFA Agroécologie, ny ONG Cœur de Forêt no hisahana ny fambolenzako, ny GSDM no hampivoatra ny fomba fambolena manaja ny tontolo iainana, ary ny vondron'ny mpamokatra dia ny FIFATA no hanohana ny fampivondronana tantsaha. Inoanay fa isika miaraka no hahita vahaolana tsara kokoa amin'ireo zava-manahirana ny mpiompy trondro.

## DOSSIER : Miara-miasa amin'ireo mpisehatry ny rojom-pihariana

### Ny rojom-pihariana : fomba fiasa maharitra kokoa hampandrosoana ny fiompiana trondro

*Irajanahary Ekembahoaka Nivo Rovahasambarana, antsoina hoe «Ekena», dia mpanoro hevitra ara-teknika eo amin'ny lafiny fanohanana ara-drafitra ao amin'ny GIZ eo anivon'ny Tetikasa PADM (Projet d'Aquaculture Durable à Madagascar). Izy no hamaritra etoana ny fomba fiasa rojom-pihariana.*

**FMT : Inona no tiana hambara amin'ny hoe « rojom-pihariana trondro avy amin'ny fiompiana » ?**

**Ekena :** Raisinay ho fifandrohizan'ireo dingana mamaritra sehatr'asa, orinasa na fandaminana iray hahazoana tombontsoa ara-barotra ny rojom-pihariana.

Ho anay ny rojom-pihariana trondro dia fitambaran'ireo asa mahakasika ny fiompiana trondro sy ny trondro. Ny rojom-pihariana trondro dia mamondrona ireo asam-pamokarana trondro rehetra manomboka amin'ny fandraisana ireo akora enti-miompy ary mitohy amin'ny famokarana trondro, ny fanangonana, ny fitaterana, ny fanodinana, ny famarotana sy ny tolo-draharaha hafa hampisy tombony ny asa fiompiana trondro.

**FMT : Inona no vinan'ny GIZ (mpamatsy vola ny tetikasa) raha ny fomba fiasa rojom-pihariana no resahina ?**

**Ekena :** Ny GIZ dia mikendry ny faharetan'ny asa ataony. Ny fomba fiasa rojom-pihariana dia kisary maneho fifandrohizana lehibe. Ny fifampiankinan'ny singa maro izay mandeha tsara no ahazoana ny

## LOHAHEVITRA : Miara-miasa amin'ireo mpisehatry ny rojom-pihariana

vokatra. Aminay ny fiasana araka ny rojom-pihariana dia midika fiaraha-miasa amin'ny mpisehatra samy hafa voakasika mba hisian'ny fifanakalozana sy ny fiaraha-misalahy eo amin'izy ireo. Ny fifanakalozana sy ny asa vokatra ny fanohanana entinay dia mitoetra aorian'ny fahataperan'ny tetikasa. Io fitohizana io no tianay hambara amin'ilay faharetana.

**FMT : Inona no tombontsoa sy tanjona amin'ny fanarahana io fomba fiasa io eo anivon'ny PADM ? fa indrindra ho an'ny trondro ?**

**Ekena :** Tanjona maromaro no kendren'ny PADM toy ny fanatsarana ny famokarana trondro, ny vola azo avy aminy sy ny fahafahan'ny olona tratry ny tsy fanjarian-tsakafo hisitraka ireo vokatra trondro ireo. Ny fanohanana ny rojom-pihariana dia midika ho fihaonan'ny tanjonay sy ny filàna amin'ny fanatsarana ny fahazoana trondron-dranomamy, ny fampiakarana ny fidiram-bolan'ny tokantrano, ny fanaovana ho matihanina ny asa eny ambanivohitra sy ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Noho io fanohanana mahakasika karazana mpisehatra maro (lehilahy, vehivavy, tanora, sns.) io dia izany koa no

entinay miantoka ny fampandraisana anjara tanteraka ny rehetra. Io fampandraisana anjara io no tena fototry ny fahombiazan'ny fomba fiasa iray amin'ny fiovàna tiantika hotratrarina.



*Irajanahary Ekembahoaka Nivo Ravohasambarana nandritra ny atrikasa iray mikasika ny rojom-pihariana*

### Vakinankaratra

## Fomba fiasa amin'ny rojom-pihariana trondro azo avy amin'ny fiompiana an-tanimbary

*Mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny fomba fiasa rojom-pihariana iarahamiasa amin'ny APDRA i Koko Chantal de Cupertino hatramin'ny taona 2018 : amin'ny maha-Talem-paritrin'ny Harena anaty Rano sy ny Jono tao Amoron'i Mania azy sy tomponandraikitra ny Sampan-draharaham-paritrin'ny Jono sy ny Fiompiana anaty rano nanomboka tamin'ny 2019 ary Talem-paritrin'ny Jono sy ny Toe-karena Manga ao amin'ny faritra Vakinankaratra tamin'ny 2021. Resahiny amintsika ny asa vita.*

« Mba hahazoana manetsiketsika ny rojom-pihariana trondro azo avy amin'ny fiompiana an-tanimbary dia natomboka tamin'ny fanadihadiana namaritana ireo olana misakana ny fandrosoany ny asa. Io fanadihadiana io koa no nahitana ireo mpisehatra amin'io rojom-pihariana io eo anivon'ny faritra maro : ny mpiompy trondro, ny mpivarotra, ny mpanjono, ny FDA (Fonds Régional de Développement), ny fitaleavam-paritra samihafa (DRPEB, DREDD, DRAE), ny mpamatsy akora enti-miompny, ny mpitandro filaminana, ny APDRA sy ireo rafitra hafa manohana ny fampivoarana ny fiompiana trondro.

Miisa fito ny sakana amin'ny fivoaran'ny rojom-pihariana voafaritra tao amin'ny faritra Vakinankaratra. Nivory indray ka hatramin'ny in-telo isan-taona ny mpisehatra hatramin'ny taona 2018 tamin'ny alàlan'ny dinika an-databatra boribory teo anivon'ny faritra. Nataon'izy ireo laharam-pahamehana ny famahana ireto olana manaraka ireto : 1) ny fandrindrana ny lalam-pihariana, 2) ny fitantanana ny rano manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro eo amin'ny fiompiana trondro sy 3) ny halatra sy ny fisomparana eo amin'ny fiompiana trondro. Ny vahaolana dia tokony haharitra, azo tsapain-tanana sy azon'ny mpisehatra tanterahina (fanentanana, fampifandraisana, fitaovam-pifandraisana).

Mitaky ezaka lehibe avy amin'ny mpisehatra samihafa io fomba fiasa io. Ankoatra izay, nandritra ny fanatanterahana ny dinika an-databatra boribory dia tsy maintsy fantarina ireo olona asaina araka ny lohahevitra dinihina. Vitanay ny nanangana tambazotra ivondronan'ny mpisehatry ny rojom-pihariana trondro eo anivon'ny faritra Vakinankaratra, ahafahanay mampahomby ny fandrindrana ireo asa hatao izany. »



*Kabary fanokafana ny dinika an-databatra boribory mikasika ny halatra trondro tao Vakinankaratra nataon'i Koko Chantal de Cupertino*

## LOHAHEVITRA : Miara-miasa amin'ireo mpisehatry ny rojom-pihariana

Matsiatra Ambony

### Miara-miasa hampandrosoana ny seha-pihariana trondro

*Ralaivelosambatra Boniface dia tantsaha mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy trondro ao Antsahavory I- Mangidy, distrikan'Ikalamavony, ary filohan'ny VONdrona Nlray SAfidy Hlavotra na VONISAHI. Resahiny amintsika ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpisehatra ao amin'ny faritra misy azy.*

« Fikambanana mpiompy trondro ao amin'ny distrikan'Isandra sy Ikalamavony, eto Matsiatra Ambony ny VONISAHI. Nandray anjara tamin'ny atrikasa « rojom-pihariana » nokarakarain'ny APDRA izahay tamin'ny 2018. Tanjona tamin'izay ny hanangona ireo olana sy sakana amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro. Rehefa nifarana ny atrikasa dia nanapa-kevitra ny hivondrona ny APDRA, ny DRPEB ary fikambanana tantsaha mpiompy trondro 3 hafa - MVPT (Mpamboly Vary sy Mpiompy Trondro), Fitarikandro sy APPAFI (Association des Producteurs Privés des Alevins de Fianarantsoa) – hananganana ny tetikasa CPF trondro vatsian'ny FDA (Fond de Développement Agricole) vola. Ny AFDI (Agriculteurs Français et Développement International) izay mpanohana ny asa tanterahina no nanampy anay.

Tanjon'ny CPF trondro (jolay 2019 – desambra 2022) ny hanatsara ny fepetra ho fampandrosoana ny fiompiana trondro ao amin'ny distrika 7 ao anatin'ny faritra sy hamaha ny olana ara-teknikan'ny mpiompy trondro. Misy hatrany ny fikaonan-doha fanomanana ny asa sy ny fiaraha-manatanteraka. Nisy atrikasa vaovao mifandraika amin'ny ady amin'ny halatra sy ny fisomparana nokarakaraina. Fandaharana an'onjampeo anentanana mikasika io lohahevitra io no vita tamin'izany. Mbola misy karine fivarotana trondro volavolaina hanatsarana ny fanaraha-maso ny lalan'ny trondro ihany koa amin'izao fotoana izao. Natao hanatsarana ny fahazoan'ny mpiompy trondro rano ny atrikasa fahatelo nokarakaraina. Vahaolana iray voafaritra ny fambolena-kazo.

Hitanay amin'ny asa vita sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fanjakana fa tsy miady irery izahay amin'ny fampivoarana anay ary tena misy fifamenoana eo amin'ny mpiara-miombon'antoka na dia miadana aza ny famahana ny olan'ny halatra trondro sy ny fifehezana ny rano. Miroso ny asa satria misy hatrany ny mpisehatra vonona hiara-hiasa amin'ny famahana olana.

Te hamporisika ny mpisehatra rehetra aho mba hanatrika ireo atrikasa manaraka satria ilaina amin'ny famahana ny olana ny hevitra avy amintsika sy ny fahaiza-manaon'ny tsirairay. »



Avy nivory niaraka tamin'ireo mpisehatry ny seha-pihariana trondro i Boniface

## Ahoana ny fomba hanatsarana ireo fepetra fampandrosoana ny fiompiana trondro an-tanimbary ?

*Teo anelanelan'ny volana novambra sy desambra 2021 dia nisy fanadihadiana natao tamin'ireo mpiompy trondro ao amin'ny faritra Amoron'i Mania sy Vakinankaratra izay ahitana ny asa nisongadina indrindra vitan'ireo mpisehatra samy hafa amin'ny rojom-pihariana.*

Tao amin'ny faritra Amoron'i Mania dia nanapa-kevitra ireo mpisehatra eo amin'ny rojom-pihariana ny hanao asa maro mamaha ny olan'ny halatra sy ny fisomparana ny fiompiana trondro : i) fanaparahana ny lalana mamaritra ny sazy mikasika ny halatra trondro, ii) fametrahana karine fivarotana trondro voatomboky ny fokontany hanatsarana ny fanaraha-maso ny lalan'ny trondro sy iii) fandaminana ny rafitry ny lalam-pihariana trondro. Mikasika ny famarotana dia nanapa-kevitra hanatsara ny fifandraisana eo amin'ny mpiompy trondro sy ny mpivarotra izy ireo amin'ny alalan'ny

fanaparahana ny tahiry mirakitra ny momba ireo mpivarotra ao Ambositra sy ny fahalalana mikasika ny fitsirihana ny fitaovana fandanjana trondro. Ao amin'ny faritra Vakinankaratra kosa dia nanao fampahafantarana ireo fomba fanatsarana ny fitantanana rano eo amin'ny sahan-driaka ny fiompiana trondro (fambolen-kazo, fanajariana, fambolena manaja ny tontolo iainana, sns.)

Fahalalana maro no naely tamin'ny alalan'ny fandaharana an'onjampeo, taratasy sy fivoriana fanentanana tao amin'ireo distrika sy kaominina. Tsy mora ny nanombana

## LOHAHEVITRA : Miara-miasa amin'ireo mpisehatry ny rojom-pihariana

ny fahombiazan'ireo asa ireo sy ny vokany eo amin'izay mety ho fiovàna hita amin'ny fitondran-tena, ary noho izany eo amin'ny fandehan'ny seham-pihariana. Na izany aza anefa dia nasehon'ny fanadihadiana fa :

- Maro amin'ireo mpiompy trondro no nahafantatra ny fitaovana nampiasaina sy ny fahalalana naely (eo anelanelan'ny 47 % sy 87 % amin'ny olona nohadihadiana, araka ny fitaovana sy ny fahalalàna) ;
- Nampisy fitoniana teo amin'ny mpiompy trondro sy namerina ny fahavitrihany ny fanaparahana ny fitaovana sy ny fahalalana iadiana amin'ny halatra trondro ;
- Tao anatin'ny 2 taona dia tsapa fa nihena ny isan'ny halatra trondro tao amin'ny faritra Amoron'i Mania ;
- Ny fitaovana sy fahalalana naely hanatsarana ny fifandraisan'ny mpiompy trondro sy ny mpivarotra dia nanatsara kokoa ny fandrindrana ny varotra sy nampirakitra ny fitokisan'ireto farany rehefa misy fivarotana trondro ;
- Tsy nafahana nandrefy ny fiantraikan'ny fanaparahana ireo fomba fanatsarana ny fitantanana ny sahan-driaka anefa ny valim-panontaniana azo.

Ireo vokatra ireo no ahafahana milaza fa ny asa natao tao anatin'ny fomba fiasa rojom-pihariana dia nahazoana namaly ireo sakana lehibe sasany eo amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro an-tanimbary ataon'ny tantsaha.



Fivarotana trondro matavy nataon'ny fikambanana mpiompy trondro iray tao an-tsenan'Ambositra

### Amoron'i Mania

## Halatra trondro sy fahafantarana ny lalàna

*Ny fahalalana ny lalàna mifehy ny halatra trondro sy ny fisomparana ny fiompiana trondro naelin'ireo mpisehatry ny rojom-pihariana trondro dia nanampy ny miompy trondro ao Ambohimahasoa Ambohitsiedehana, kaominina Isandrandahy Ambony, tamin'ny ady natao tamin'ny halatra trondro.*

« Randriamanantena Rivo Dieu Donné, antsoina hoe « Donné », no anarako ary izaho no filohan'ny vovonan'ny mpiompy trondro ao amin'ny kaominina Mahazoarivo sy Isandrandahy Ambony sady filohan'ny fikambanana mpiompy trondro Farihy ao Ambohitsiedehana. Tamin'ny novambra 2021, nisy nangalatra ny ankamaroan'ny ray sy renintrondro karpa sy tilapian'ny mpikambana 3 tao aminay. Andro vitsivitsy taty aoriana dia olona telo no tratran'ny fokonolona teo am-pangalarana akoho ary ny fanadihadiana natao teto an-toerana no nahafantarana fa izy ireo ihany koa no nangalatra ny trondro. Niezaka nifanaraka tamin'ireo voampanga izahay kanefa tsy nety izy ireo. Ny fahalalanay ny lalàna mifehy ny halatra trondro, azo tamin'ny fivoriana, ny famakiana taratasy mirakitra ny lalàna sy ny fihainoana fandaharana tamin'ny radio, no namporisika anay hanatona ny zandarimariam-pirenena sy hametraka fitarainana. Nandritra ny fitsidihana fanentanana nataon'ny APDRA, ny DRPEB sy ny zandary, dia namporisika anay ny zandary mba hanatona ny birao raha ilaina ary ny sefon'izy ireo mihitsy no nilaza fa : « *aleo very omby toy izay very renintrondro* ». Nampiakariny tany amin'ny zandarimaria tao Mahazoarivo araka izany ny raharaha.

Ny zoma 3 desambra 2021, voantso hanaovana fanadihadiana tany amin'ny zandarimaria ireo voampanga.

Ny alatsinainy 6 desambra 2021 no natolotra teo amin'ny fitsarana tao Ambositra ny raharaha. Ny 13 desambra 2021, namoaka didy ny fitsarana ka figadrana 12 volana miampy lamandy 800 000 Ariary no sazin'ireo meloka. Andraikitra amin'ny maha-filohan'ny fikambanana sy ny vovonan'ny mpiompy trondro eo anivon'ny kaominina



Faly amin'ny vokatra azony ireo mpiompy trondro ao amin'ny fikambanana Farihy

## LOHAHEVITRA : Miara-miasa amin'ireo mpisehatry ny rojom-pihariana

maromaro ahy ny manampy sy miaro azy ireo amin'ny tsy rariny mety hihatra aminy. Tsy sarotra sady tsy lava ny dingana narahina tamin'ny fampiharana ny lalàna, tahaka ny nataonay. Faly aho fa nody ventiny ny rano

natsakaina sy ny ezaka natao hiadiana amin'ny halatra trondro. Tsy mitombina intsony ilay filazana hoe : « izay trondro ve dia hitoriana olona ! »

Itasy

### Ahoana no fomba iarahamiasa amin'ny mpisehatry ny rojom-pihariana rehetra ?

*Fanomezantsoa Rasolofoniaina dia Talem-paritry ny biraon'ny APDRA ao Itasy ho an'ny tetikasa PADM Composante A (distrikan'i Miarinarivo sy Soavinandriana). Hatramin'ny taona 2018 izy no nanentana ireo asa mikasika ny rojom-pihariana tao amin'ny faritra. Raha efa misy fivoarana mahaliana hita ankehitriny dia tsara ny manamarika fa tsy mora ny nahazoana izany !*

**FMT : Inona no olana nosedrainao tamin'ny fampiharana ny fomba fiasa rojom-pihariana ?**

**Solofo :** Mpisehatra maro no tokony ahetsika amin'ny fanatanterahana ny asa, fa indrindra ny mpiasampanjakana, ny ONG, ny mpitandro filaminana, sns. Asa tsy dia mitovy amin'ny fanaony andavanandro no ampanaovina azy ireo, na dia mifandray amin'ny iraka ataony hatrany aza izany. Ny tena manahirana dia ny fahafahana mamondrona azy ireo amin'ny fotoana iray.

**FMT : Inona avy ireo fahombiazana azo ?**

**Solofo :** Na dia sarotra aza ny mamory ireo mpisehatry ny rojom-pihariana dia tsapan'izy ireo fa ilaina ny asa atolotry ny APDRA eo amin'ny lafin'ny rojom-pihariana. Nisy fotoana aho tsy afa-nanoatra satria tsy afaka foana ny iray tamin'ireo mpisehatra. Nahita olona iray azo ifandraisana izahay tamin'ny farany dia ny Governoran'ny faritra izay nanome ny alàlana nilainay. Tena navitrika tokoa izy tamin'ny fiarahamiasa taminay satria laharam-pahamehana ho an'ny faritra ny seham-pihariana trondro. Tsy tokony hisalasala araka izany hifanaraka amin'ny zava-misy sy hitady fifandraisana hatrany amin'ny mpisehatra vaovao.

**FMT : Ahoana ny fomba anohizanareo ny asa ao amin'ny faritra Itasy ?**

**Solofo :** Hiarahamiasa amin'ny tetikasa AMPIANA 2, izay tanterahin'ny APDRA ao amin'ny distrikan'Arivonimamo, mikasika io lohahevitra io izahay amin'izao mba hampandraisana anjara ny distrika rehetra ao Itasy. Vao avy nanatontosa fandaharana an'onjampeo izay miresaka ny halatra trondro sy ny lalàna mifanaraka amin'izany niaraka tamin'ireo mpiara-miasa tao amin'ny AMPIANA 2 izahay izao. Vinavinanay ankehitriny ny hikorakora atrikasa mikasika ny lohahevitra halatra trondro miaraka amin'ny fitsarana, ny mpitandro filaminana, sns. Mampisy fientanana tena mahaliana ny fiarahamiasan'ny rehetra ary mety nahazoana tolo-kevitra tena manan-danja !



Fivorian'ireo mpisehatry ny rojom-pihariana trondro ao amin'ny faritra Itasy

Analamanga

### Ny rojom-pihariana trondro ao amin'ny faritra manodidina an'Antananarivo

*Tao amin'ny faritra Analamanga, asa mikasika ny famarotana sy ny kalitaon'ny trondro no natao nandritra ny tetikasa AMPIANA andiany voalohany. Ho an'ny andiany faharoa, nanomboka tamin'ny taona 2021, kosa dia hotohizan'ny APDRA sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy ireo asa ireo sady hisy lohahevitra vaovao (halatra, vidin'entana eo amin'ny mpamokatra, sns.) hiasàna ihany koa.*

**Ny zava-bitan'ny tetikasa AMPIANA – Andiany 1 (2015-2019)**

Karazan'asa roa lehibe no natao nandritra ny tetikasa AMPIANA andiany voalohany. Ny voalohany dia mikasika ny famarotan'ny mpiompy trondro ny vokatra, miaraka

amin'ny fampifandraisana ny mpamokatra amin'ireo mpividy zana-trondro sy/na trondro vaventy indrindra. Araka izany dia voaasa matetika tamin'ny hetsika samihafa ireo mpiompy trondro mba hivelaran'ny tambazotran'izy ireo, nisy ny tahiry ahitana ireo mpamokatra zana-trondro

## LOHAHEVITRA : Miara-miasa amin'ireo mpisehatry ny rojom-pihariana

izay napariaka nandritra ny 3 taona nifanesy ary toeram-pivarotana 4 no naorina, tantanan'ny vondron'ny mpiompy trondro sy naorina amoron'ny lalam-pirenena hahamora ny fihaonana amin'ny mpividy. Ny karazan'asa faharoa dia mikasika ny kalitao sy ny fepetra ara-pahasalaman'ny trondron-dranomamy ary nikendrena ireo mpivarotra ao anatin'ny seha-pihariana. Nampianarina ny fepetra ara-pahasalamana amin'ny fivarotana trondro vao izy ireo ka satan'ny famarotana miisa 3 no narafitra sy naely (iray ho an'ny mpambongady, iray ho an'ny mpaninjara ary iray mikasika ny fivarotana trondro velona).

### Ny asa mbola hotanterahin'ny tetikasa AMPIANA – Andiany faha-2 (2021-2025)

Ankoatra ny fanohizana ireo asa teo aloha, toy ny fanjohiana ireo toeram-pivarotana voapetraka sy ny fanaparahana ireo fomba anatsarana ny lafiny ara-pahasalamana, dia misy lohahevitra vaovao hiasana. Tokony hodinihina miaraka amin'ny mpisehatra rehetra eo amin'ny rojom-piharian'ny fiompiana trondro an-tanimbary, mandritra ny fivoriana kasaina hoatao ao anatin'ny tapany faharoa amin'ny taona 2022, ny tena vontootin'ny asa. Misy lohahevitra, laharam-pahamehana

amin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro an-tanimbary ao amin'ny faritra, efa mivoaka anefa, toy ny ady amin'ny halatra trondro, ny fametrahana fifanarahana ara-drariny eo amin'ny mpamokatra sy ny mpivarotra na koa ny fanatsarana ny fahazoan'ny vondrona mpiompy trondro famatsiam-bola.

**TRONDRO MADIO ARA-PAHASALAMANA**

1. Diovinay isan'andro ny toeram-pivarotanay
2. Diovinay amin'ny savony ireo fitaovana izay ampiasainay
3. Madio izahay ary madio ny akanjonay
4. Asianay rivotra mivezivezy anaty rano mba hitazonanay ny fahaveloman'ny trondro

© APDRA 2019

Iray amin'ireo sata mirakitra ny fepetra tsara arahina amin'ny famarotana

## Atsinanana Fiaraha-miasa no ilain'ireo mpisehatra

Tamin'ny taona 2010 no nanomboka niroborobo ny seham-pihariana trondro tao amin'ny faritra Atsinanana. Iaina ny fiaraha-miasan'ny mpisehatra mba hahafahana mandresy ireo olana amin'izany.

Hatramin'ny taona 2010, mihamaro ny mpisehatra eo amin'ny fiompiana trondro sy ny asa rehetra mahakasika ny trondro. Ao ireo mpiompy trondro-mpanatavy, izay manatanteraka ny asany amin'ny fomba maro samy hafa (fiompiana tilapia, karpa, fanomezana sakafo na tsia, sns.) ; eo ihany koa ireo mpandraharaha madinika sy salantsalany izay mivarotra ny trondro ; ao ireo mpanafatra sakafo sy ireo mpaninjara mivarotra izany eo an-toerana, ny mpamokatra/mpivarotra zana-trondro, sns. Manodidina ny resaka famokarana tilapia no tena ifantohan'ireo mpisehatra ireo, misy famokarana karazan-trondro hafa ihany koa anefa, vokarin'ireo mpiompy trondro tohanan'ny APDRA indrindra indrindra. Tantsaha maherin'ny 90 amin'izy ireo ankehitriny no mamokatra karazana zana-trondro hafa, indrindra fa ny karpa sy ny tilapia.


Na dia betsaka aza ny vokatra dia misedra olana maro ireo mpiompy trondro amin'ny fanatanterahana ny asany. Ankehitriny dia ny tsy fisiana na ny fahalafosan'ny fitaovana enti-miompy (harato, *épuisette*, fitaovana fitondrana trondro, sns.) izay ahafahan'izy ireo miasa araka ny kalitao no tena sakana. Eo ihany koa ny olan'ny halatra trondro izay tsy mbola nahitam-bahaolana hatreto.

Iaina ny fiaraha-miantan'ireo mpisehatra mba hamahana ny olana sy hanatrarana ny filan'ny faritra trondro izay vinavinaina ho 30 000 taonina isan-taona afaka 20 taona.




Lefety André, mpamokatra zana-trondro sy trondro ao amin'ny faritra Iamborano

# SAMIHafa



## RARINTENY

Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.



1. Ilazana zavatra maro mifampitohy
2. Manatanteraka asa
3. Entina ilazana ireo asa fitadiavana vola na fananana
4. Mifanohitra amin'ny misaraka
5. Biby misy kirany miaina anaty rano
6. Ireo olona na vondron'olona misehatra amin'ny asa na tontolo iray
7. Asa famelomana sy fiahiana ary fikarakarana biby

### Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 54

1. Olana
2. Haintany
3. Fikarohana
4. Fanemorana
5. Fampanatodizana
6. Indroa
7. Tantsaha

## Lasopy vomanga

### Fangaro :

- Vomanga 2 toko
- Tilapia lehibe 3
- Voatabia lehibe 1
- Tongolo maitso
- Menaka

### Fikarakarana

1. Masahana amin'ny rano iray zinga ny trondro efa voadio sy voaala atiny mialoha
2. Esorina ny nofony raha vao avy nangotraka kelikely
3. Voasana ny vomanga vao sasana tsara, tetehina ary arotsaka ao anatin'ny rano nanamasahana ny trondro
4. Arotsaka ny nofon-trondro, ny voatabia, ny tongolo, ny menaka sy ny sira rehefa akaiky ho vita ny nahandro

Mazotoa homana ô !

Source : Recette de l'Office Régional de la Nutrition Itasy



Imago par Aaron Hong de Pixabay

Lasopy trondro



APDRA  
Pisciculture Paysanne  
Antenne Madagascar  
La Résidence Sociale  
Antsirabe - MADAGASCAR  
Tél. (261) (20) 44 489 89  
www.apdra.org  
lvpr@apdra.org

### Talen'ny Famoahana

Barbara Bentz

### Tonian'ny Fanoratana

Sidonie Rasoarimalala

### Mpanoratra

Julie Mandresilahatra

Clémentine Maureaud

Zo L. Andry Manampisoa

Tojoniaina N. Randriamamonjy

Julien Sadousty

Vola Ratiarivelo